**2. <u>FANAMARINANA MAHA–MPANDOVA</u>** ***(acte de notoriété) :***

• Taratasy izay anaovan'ny vavolombelona miisa efatra fanambarana sy fitanisana ireo hany mpandova.

• Any amin'ny notera, na ny mpiraki-teny mpiasam-panjakana mpanato soratra (Chef d'Arrondissement Administratif na ny Lehiben'ny Mpirakidraharaham-pitsarana) no anaovana izany fanambarana izany.

• Azo atao ny mangataka eny anivon'ny fitsarana ny hanafoanana izany raha misy fanambarana tsy marina ao anatiny. (<u>Oh</u> : nisy mpandova tsy nampidirina)

• Heverina ho manao hosoka ny fanaovana fanambarana tsy marina ao anatin'ny fanamarinana maha mpandova.

**3. <u>TOMBAM-PANANANA</u>** ***(déclaration de successions) :***

• Paik'ady tsy maintsy arahina atao eny amin'ny ivon-toerana fanefana hetra ( centre fiscal) mba handoavana ny hetra tokony aloa amin'ny fandovana (certificat de paiement),

• Takiana ny taratasy manamarina fa an'ilay maty tokoa ireo fananana izay tanisaina ao.

**4. <u>FIZARAM-PANANANA</u>** ***(partage) :***

• Tsy maintsy atao raha maromaro ny mpandova,

• Ny tsirairay amin'ny mpandova dia afaka mitaky izany satria tsy azo terena hijanona ao anatin'ny fiombonam-pananana ny mpiray lova.

TADIDIO

> Azo atao **raharaham-pihavanana ny fizarana** rehefa mifanaraka ny rehetra, ary azo atao ny mangataka ny hanaovana fankatoavan'ny fitsarana ( homologation) ilay taratasy fizarana .

**> Tsy maintsy atao ara-pitsarana kosa ny fizarana :**

• Raha misy tsy manaiky ny fizarana,

• Raha tsy vory lanina ny mpandova satria misy tsy eo an-toerana,

• Raha tsy mifanaraka ny rehetra,

• Raha misy tsy ampy taona na olona nahazo fiahiana « majeur sous tutelle ».

**5. <u>NY FAMINDRAM-PANANANA</u>** ***(mutation) :***

Soratana amin'ireo mpandova rehetra ny fananana navelan'ny maty.

**MINISTERAN'NY FITSARANA**

----------

---------------

**FOIBEM-PITONDRANA MISAHANA NY FANDINIHANA SY NY FANAVAOZANA LALANA**

------------

**SAMPAN-DRAHARAHA FANAPARIAHANA LALANA**

-------------

# IREO FEPETRA ANKAPOBENY MIFEHY NY FANDOVANA SY NY FANDOVANA TSY NISIANA DIDIM-PANANANA

## (SUCCESSIONS EN L'ABSENCE DE TESTAMENT)

**LALANA MIFEHY**

Lalàna laharana faha 68-012 tamin'ny 04 jolay 1968 mikasika ny fandovana, ny didim-pananana ary ny fanolorana

## <u>INONA NO ATAO HOE « FANDOVANA » ?</u>

Famindrana ireo **fananana** navelan'ny maty (**fananana, mivaingana, zo sy adidy**) amin'olona iray na maromaro manan-jo handray izany, antsoina hoe **mpandova.**

## <u>IREO KARAZANA FANDOVANA</u> :

Misy karazany **roa (2)** ny fandovana :
- **Ny fandovana tsy misy didim-pananana :** manaraka ny filaharana voalazan'ny lalàna ny laharam-pandovana,
- **Ny fandovana nisiana didim-pananana :** talohan'ny nahafatesany, dia efa nalamin'ny tompom-pananana an-tsoratra mialoha ny fandovana azy.

## <u>FISOKAFAN'NY FANDOVANA</u> :

<u>Ny fotoana</u> : Amin'ny vanin'andro nahafafatesan'ilay olona lovaina.
<u>Ny toerana</u> : Any amin'ny toeram-ponenana faran' ilay maty ; raha ankizy no lovaina, dia ao amin'ny toeram-ponenan'ny rainy na izay manam-pahefana aminy .
<u>Porofo</u> : Sora-pahafatesan'ny maty.
<u>Ny fitsarana mahefa raha misy fifanolanana</u> :
- Ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany miorina ao amin'io toerana io no mahefa hitsara raha misy fifanolanana momba ny fandovana,
- Raha trano sy tany kosa no lovaina, dia ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany misy ireo tany sy trano no mahefa.

## <u>NY LAHARAM-PANDOVANA (TSY NISY DIDIM-PANANANA)</u> :

- Tsy misy fanavahana mahalahy na mahavavy na ny fizokiana ny fananana zo handova,
- Nosokajiana ao anaty **kilasy sivy (9)** ny mpandova, ka ny fisian'ny mpandova ao amin'ny kilasy ambony dia mitarika ny tsy fandovan'ny kilasy ambany :
1- Ny zanaka,
2- Ny zafikely (ny zanaky ny zanaka nateraka),
3- Ny ray sy ny reny niteraka,
4- Ny iray tampo,
5- Ny zanaky ny mpiray tampo,
6- Ny iray tampo amin'ny ray sy ny iray tampo amin'ny reny (dadatoa na nenitoa),
7- Ny zanaky ny mpiray tampo amin'ny ray sy ny zanaky ny mpiray tampo amin'ny reny,
8- Ny vady vita soratra,
9-Ny Fanjakana

## <u>IZA NO ATAO HOE « ZANAKA » ?</u>

- Izay nateraky ny maty,
- Izay zaza natsangana ara-pitsarana,
- Izay zaza natsangana tsotra teny anivon'ny kaominina.

## <u>IREO SOKAJIN'OLONA TSY MANDOVA :</u>

- Ny zanaka nateraka tao anatin'ny fijangajangana;
- Ny zanaka nahilika ara-pitsarana tsy ho zanaka intsony (rejeté) ;
- Ny olona nambaran'ny didim-pitsarana fa tsy mahazo mandova (déclaré indigne).

TADIDIO

> Ny lova avy amin'ny ray dia mijanona amin'ny mpandova avy amin'ny lafin-dray ihany. Ary ny lova avy amin'ny reny dia lovain'ny mpandova avy amin'ny lafin-dreny.

> Raha misy mpandova maty mialohan'ny fisokafan'ny fandovana, nohon'ny fisoloan-tena (représentation) izay voalazan'ny lalàna, dia maka ny laharana na kilasy tokony nananany ireo manan-jo aminy (ayants droits) ka **mandova ihany koa**

## <u>IREO DINGANA ARAHINA AMIN'NY FANDOVANA</u> :

**1. <u>FANAMBARANA FAHAFATESANA</u>** ***(déclaration de décès) :***

- Ao anatin'ny **30 andro** aorian'ny fahafatesana no anaovana ny fanambarana fahafatesana (**Lalàna laharana 2018-027 t@ 08/02/19 momba ny fiankohonana ao @ and. faha 52**)
- Raha tsy vita ao anatin'io fe-potoana voalaza io dia tsy maintsy angatahana didim-pitsarana misolo sora-pahafatesana.